# *Lamin'Ny Fiangonana*

Vao avy namarana fivoriana goavana an'ny hariva dimy isika tato amin'ny tabernakla, izay, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny Fanampiany, niezahako mafy, tamin'ny alàlan'ny Soratra, hametraka ny Fiangonan'i Jesosy Kristy Tompo ao amin'ny lamina, araka ny inoantsika ato amin'ny Branham Tabernacle.

2 Ny zavatra voalohany tiako lazaina dia hoe ny pasitera foana no miandraikitra feno ny tabernakla amin'ny tsy maha-eo ahy, ary rehefa miverina aho dia tsy mijery afa-tsy ny pasitera. Noho izany, izy no miandraikitra feno hanova na hanao an'izay heveriny fa tsara indrindra, eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina, raha any lavitra aho.

3 Mino ny Fiangonana apostolika iray isika, izay mampianatra an'ireo fitahiana apostolika ho an'ny olona amin'izao andro izao. Mino ny Filazantsara feno isika, ary mino fa ireo famantarana sy ny fahagagana rehetra izay notenenin'i Jesosy Kristy Tompontsika, dia hanaraka Ny Fiangonany mandra-Piveriny. Mino an'ireo zavatra ireo isika, ary mino fa tokony hapetraka ao amin'ny lamina izy ireo, hoe manana ny laminy ny Fiangonana. Ary ny fiangonana tsirairay dia manana ny foto-pampianarany, sy ny laminy, ary ny fitsipi-pifehezany.

4 Ny fiangonantsika dia tsy manana mambra toy ny hoe mpikambana. Mino isika fa ny Fiangonana maneran-tany manontolo an'Andriamanitra velona dia rahalahintsika sy anabavintsika; ka tongasoa foana ny olona rehetra, tsy mampaninona izay anaram-piangonana ikambanan'izy ireo, ato amin'ny Branham Tabernacle, eo amin'ny Eighth and Penn Street eto Jeffersonville, Indiana.

5 Mino ny "fanamarinana amin'ny finoana" isika, Romana 5:1. Mino isika fa, rehefa avy namarinina tamin'ny finoana ny olona iray, dia manana fihavanana amin'i Jesosy Kristy Tompo izy. Saingy io olona iray io ihany dia mety manana fahazarana toy ny misotro, mifoka, manao an'ireo zavatra izay tsy tokony hataony, ny fahazarana maloto an'ny nofo.

6 Avy eo dia mino isika fa ny Ràn'i Jesosy Kristy no manamasina an'io olona io ho an'ny asan'ny Tompo. Ary izany dia, mino ny "fanamasinana" isika araka ny Hebreo 13:12 sy 13 hoe, "Amin'izany Jesosy koa, mba Ahafahany manamasina ny olona amin'Ny Ràny Manokana, dia niaritra teny ivelan'ny vavahady." Ary mino isika fa ny fanamasinana dia ampianarina ao amin'ny Testamenta Vaovao, ary natao ho an'ireo mpino manerana ny taonan'ny Testamenta Vaovao, izay iainantsika ankehitriny.

7 Ary mino koa isika fa rehefa avy nohamasinina ilay olona, dia niala tamin'ilay olona ny fahazarana maloto, mpino iray an'i Jesosy Kristy Tompo izy, ary lasa ireo fahazarany: mino isika fa avy eo izy dia kandidà ho "an'ny batisan'ny Fanahy Masina," izay tonga ho famenoana iray an'ilay mpino. Ary avy eo rehefa ilay mpino . . .

8 Izany fotsiny dia, araka ny nampianarako azy imbetsaka, toy ny maka vera iray ao an-tranon'akoho. Ny *fanamarinana* dia "maka azy, vonona hampiasa azy," miaraka amin'ny tanjona iray ao am-po. Izany no ataon'Andriamanitra amin'ilay mpanota. Mbola maloto foana izy.

9 Avy eo dia voadio amin'ny alàlan'ny Ràn'i Jesosy Kristy izy. Ary ny teny hoe *manamasina* dia teny mitambatra iray, izay midika hoe, "nodiovina, ary napetraka nitokana ho an'ny asa." Ao amin'ny Testamenta Taloha, ny alitara no nanamasina ny fanaka, ary napetraka nitokana ho an'ny asa izany.

10 Mino isika fa ny Fanahy Masina dia mametraka an'ilay fanaka iray ihany ao amin'ny asa. Ny Fanahy Masina dia tsy dingana hafa iray an'ny fahasoavana, fa mihoatra noho ilay fahasoavana iray ihany izay mameno an'ilay mpino mba hahatonga an'ireo famantarana sy fahagagana, tahaka an'ireo fanomezam-pahasoavana apostolika voateny ao amin'ny Korintiana Voalohany 12, haneho ny tenany amin'ny alàlan'io mpino io rehefa miditra ny Fanahy Masina hampiasa an'ilay fanomezam-pahasoavana.

11 Mino aho fa ny Soratra dia mampianatra fa "ireo fanomezam-pahasoavana sy ny fiantsoana dia tsy misy anenenana," fa rehefa teraka teto amin'ity izao tontolo izao ity isika, dia nirahina eto ho an'ny tanjona anankiray, izany dia, an'Andriamanitra. Ary talohan'ny nahalasa antsika ho olon-dehibe mihitsy aza, raha mbola ankizy isika, dia ao anatintsika ireo fanomezam-pahasoavana izay azontsika avy amin'Andriamanitra tamin'izany, ary ny famenoan'ny Fanahy Masina ihany no mametraka an'ireo fanomezam-pahasoavana ireo ao amin'ny asa; fa manana azy ireo isika tamin'ny voalohany, toy ny mpampianatra, sy apostoly, sy—sy mpaminany, sy ireo fanomezam-pahasoavana an'ny fiteny tsy fantatra, ary ireo fanomezam-pahasoavana sivy araka ny Korintiana Voalohany 12. Ankehitriny, mino isika fa ireo fanomezam-pahasoavana ireo dia miasa amin'izao andro izao, ary tokony ho ao amin'ny fiangonana tsirairay eo an-toerana izy ireo.

12 Na dia ao amin'izany aza, dia mahita isika, manerana an'izao tontolo izao, fa misy fanatisma betsaka mifamatotra amin'ny olona izay mitonona ho mpino apostolika. Tahaka azy ireo ao amin'ireo lamina hafa mihitsy, sy ny sisa, dia manana fanatika isika. Efa hatry ny ela izany, efa nanana an'ireo isika

nandritr'ireo taona. Nanana an'izany izy ireo tamin'ny andro apostolika; ary araka ny nolazain'i Paoly eo, hoe ahoana fa tonga ny sasany ary "nandresy lahatra azy ireo hiala, nanaraka foto-pampianarana hafa," sy ny sisa. Fa tamin'ny fampianarany manokana, dia hoy izy hoe, "Raha misy Anjely iray avy any Andanitra hampianatra zavatra hafa," noho izay nampianariny, "dia aoka izy ho voaozona."

13 Noho izany, isika, amin'ny maha-Branham Tabernacle, eto amin'ny Eighth and Penn Street eto, dia miezaka hanaraka ny fampianaran'ny Testamenta Vaovao. Satria mino isika, fa, Jesosy Kristy, no Zanak'Andriamanitra, ary Paoly apostoly dia fanaka iray nantsoina sy voafidy, tamin'ny alàlan'ny fifidianan'Andriamanitra, mba hirahina hankany amin'ny Fiangonana Jentilisa mba hametraka azy ao amin'ny lamina.

14 Ankehitriny, mino ny "batisan'ny rano" isika, ato amin'ny Branham Tabernacle, amin'ny fanitrihana, "amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo," izany no fampianarana apostolika an'ny Baiboly. Ary afaka, ny mpikambana rehetra an'ny, na, tonga ao amin'ny Branham Tabernacle, izay maniry an'izany, dia afaka, amin'ny fotoana rehetra (mangataka ny hasitrika, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy), dia afaka manontany ny pasitera, ary raha efa nibebaka izy ireo, ka nino an'i Jesosy Kristy Tompo, ny pasitera dia, haingana arak'izay azo atao, na dia izao mihitsy aza raha afaka izy, hanao batisa azy ireo avy hatrany. Izany no mampiditra azy ireo ao amin'ny fiombonan'ny mpino. Mino isika fa amin'ny alàlan'ny batisan'ny rano no ampidirana antsika ao amin'ny fiombonana iray.

15 Fa amin'ny alàlan'ny batisan'ny Fanahy Masina, no ampidirana antsika ao amin'ireo mambra, amin'ny maha-mambran'ny Vatan'i Jesosy Kristy, izay manerana an'izao tontolo izao.

16 Ankehitriny, zavatra iray hafa izay inoantsika, hoe, "Ny fanehoan'ny Fanahy dia nomena ny olona rehetra mba hahasoa amin'ny andro hanaovana." Ankehitriny, mino isika fa rehefa ireo fanomezam-pahasoavana ireo, sy ny sisa, no miasa ao amin'ny Fiangonana, izay tsiririritintsika sy iriantsika mba ny olona izay nomen'ny Fanahy fanomezam-pahasoavana, no tonga sy hivavaka miaraka amintsika.

17 Ankehitriny, any amin'ny ankamaroan'ny toerana, dia hitantsika fa rehefa ao amin'ny olona ireo fanomezam-pahasoavana ireo, dia tsy azon'ny olona hoe *ahoana* sy *rahoviana* no hampiasana an'ireo fanomezam-pahasoavana ireo, ary, amin'ny fanaovana an'izany, dia mitondra latsa iray fotsiny izany; izay inoantsika fa izany fotsiny no azon'i Satana hatao mba hanao an'ireo any ivelany, ireo tsi-mpino, sy ny sisa, hatahotra ny amin'izany fitahiana mahagaga

nomen'Andriamanitra ho an'ny Fiangonana izany amin'izao andro izao.

18 Hoy i Paoly hoe, "Raha tonga eo anivontsika ny vahiny iray, ka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra isika rehetra, tsy hiala ve ilay olona ka hilaza fa isika dia 'adala'? Fa raha maminany ny anankiray, ka mampahafantatra ny tsiambaratelon'ny fo, amin'izay fotoana izay dia hiankohoka izy ireo ka hanao hoe, 'Marina tokoa, fa momba anareo Andriamanitra.'"

19 Ankehitriny, mino isika fa ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy, eo anivon'ny mpino, no lamin'ny andro. Tsy afaka mino isika fa afaka mitory eo ambanin'ny tsindrimandry ny olona iray nefa avy eo, na, ho mpampianatra voatsindrimandry iray, nefa avy eo dia mandà ny fanomezam-pahasoavan'ny fanasitranana, na ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana, na fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, na fandikana teny tsy fantatra, na ny iray amin'ireo fanomezam-pahasoavana hafa ireo.

20 Koa, noho izany, ity no finoako ny Tenin'Andriamanitra, ny fanaon'ny Branham Tabernacle, eo amin'ny Eighth and Penn Street eto Jeffersonville, tokony hiasana. Heveriko, ny zavatra voalohany, ary mino aho fa ireto zavatra izay lazaiko ireto dia tena ilaina ary tsy maintsy ampiharina amin'izany fomba izany, ato amin'ny Branham Tabernacle, mba hahombiazany ao amin'ny Tompo. Ary raha amin'ny fotoana rehetra ireto, hisalasalana izany, ny olona misalasala mikasika an'izany dia afaka manontany ahy raha tsy afaka mandeha mankany amin'ny pasitera izy ireo, na afaka manontany ny pasitera izy ireo. Raha ao an-trano aho, avy any amin'ny dia sasany, dia ho faly aho ny— ny hanampy na ny laïka na ny pasitera amin'ny fotoana rehetra. Ary ara-tSoratra ireto zavatra ireto, ary mino aho fa izany no lamin'ny Fiangonana.

21 Heveriko, aloha, fa ny mambra tsirairay, na, ny mpivavaka tsirairay, an'ny Branham Tabernacle, dia tokony ho ao anatin'ny fifankatiavana Masina betsaka hany ilay izy ka ho . . . ny fon'izy ireo dia haniry fatratra ho an'ny tsirairay avy rehefa tsy maintsy handeha izy ireo, hifandao amin'ny fivoriana, amin'ny hariva. Izaho dia mpino marina iray ny "fitiavana Masina." Nilaza ny apostoly Paoly fa izany no porofon'ny Fanahy Masina. "Amin'izany fomba izany, no hahafantaran'ny olona rehetra fa Mpianatro ianareo," hoy Jesosy, "rehefa mifankatia ianareo." Ary mino isika fa ny fitiavan'Andriamanitra no nandefa an'i Jesosy Kristy teto an-tany, mba ho faty ho antsika rehetra. "Toy izao no nitiavan'Andriamanitra an'izao tontolo izao, Nomeny Ny Zananilahy tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana Fiainana mandrakizay." Ary ny *Fiainana* mandrakizay eto dia "Fiainan'Andriamanitra Manokana," satria lasa zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra isika, amin'ny alàlan'ny batisan'ny Fanahy Masina; dia ny Taranak'i

Abrahama, ary manome antsika ny finoana izay nananan'i Abrahama, rehefa nino an'Andriamanitra izy talohan'ny namoràna azy mihitsy aza.

22 Ankehitriny, ny zavatra manaraka, dia mino isika fa ireo mpivavaka ireo dia tokony "hihaona miaraka, ireo olona manana fanomezam-pahasoavana ireo," toy ny fiteny tsy fantatra, sy ny olona izay mahazo fanambarana sy fandikana, sy ny sisa. Ireo mambra ireo, na, ireo mpino ireo, raha ny marina, dia tokony hivory farafahakeliny dimy amby efapolo minitra na adiny iray alohan'ny hany hanombohan'ny fivoriana. Ny fiangonana dia tokony hisokatra aloha, ary tonga miaraka ireo mpino amin'ireo hariva ireo, ary farafahakeliny dimy amby efapolo minitra ka hatramin'ny adiny iray alohan'ny hanombohan'ny fivoriana.

23 Mino aho, fa ny Branham Tabernacle amin'ny fotoana rehetra dia tokony hanana mpitendry piano iray feno ny Fanahy, izay ho tonga aloha, feno ny Fanahy Masina, ary nitendry moramora, tena moramora, feon-kira ara-panahy, toy ny, "Teo amin'ny hazo fijaliana izay nahafatesan'ny Mpamonjy, teo no niantsoantsoako fanadiovana fahotana; tao am-poko no nampiharana ny Rà, voninahitra ho an'Ny Anarany!" Zavatra mitovy amin'izany. *Akaiky kokoa, Ry Andriamanitro, Anao*. "Vatolampin'ireo Taona, novakiana ho ahy." Na, *Akaikin'Ny Hazo fijaliana*, na zavatra mitovy amin'izany; moramora, miadana, rehefa misaintsaina tsy ankitsahatra mikasika ny Fanahy Masina izy, izy na izy, na mety ho iza izany.

24 Avy eo dia mino aho fa ireo mpivavaka, izay miditra, dia tokony ho raisina, ary ireo. . .hanantona ny palitaony sy ny satrony, manondro an'ireo sezany, amin'ny fandraisana izay ny mpampiditra olona na diakona feno ny Fanahy Masina irery ihany no afaka manao, ary amin'ny fitiavana, mba hahitana ny Fiangonan'Andriamanitra velona mandroso.

25 Ireo mpivavaka ireo dia tsy tokony hifampiresaka, ary hifampiantso, ary hanao tabataba ao am-piangonana.

26 Tokony ho tonga miaraka izy ireo. Voalohany, miditra ao amin'ny vavaka mangina, angamba eo amin'ny alitara, mandritry ny fotoana fohy. Tsy mivavaka mafy, mampiato olon-kafa ianareo; vavaka mangina, ao amin'ny fanompoana ianareo. Aoka hilentika izany. Mivavaka, amin'ny fanahinareo, avy eo dia miverena eo amin'ny sezanareo.

27 Na, tsy voatery handeha eo amin'ny alitara ianareo. Midira fotsiny dia makà seza iray ho anareo, mipetraha, henoy ny mozika; akimpio ny masonareo, aondreho ny lohanareo; ary, aoka hangina, mivavaka amin'Andriamanitra, mandrakariva.

28 Avy eo raha manambara zavatra amin'ny iray hafa ny Fanahy, na—na olona iray izay feno ny Fanahy ho eo amin'ny toerana izay hitenenan'izy ireo amin'ny fiteny tsy fantatra, amin'izay fotoana izay dia tokony hitsangana io olona io ka

hanome an'ilay hafatra. Ary ny olona rehetra dia tsy maintsy mihazona ny filaminany mandra-pahatongan'ny fandikana.

29 Rehefa tonga ny fandikana, dia tsy tokony ho fanononana Soratra fotsiny izany, na zavatra izay tsy misy dikany. Tsy maintsy hafatra iray mivantana ho an'ny Fiangonana izany, raha tsy izany dia hihevitra isika fa ho araka ny nofo izany; mahita betsaka an'izany isika. Ary ankehitriny, izaho—mino aho, ny—ny Fanahy dia tokony hiteny fotsiny ho an'ny "fampandrosoana ny Fiangonana."

30 Ary ankehitriny, mety ho hafatra iray izany, zavatra mitovy amin'izany, angamba. Angamba miangona ny olona amin'izao fotoana izao, tonga ny olona marary iray. Angamba misy lehilahy iray mandry, malemy na zavatra iray. Mbola tsy nahita azy mihitsy ianareo tany aloha. Fa rehefa tonga ny fandikana, dia ho zavatra mitovy amin'izany; rehefa ny fandikana, na ilay anankiray izay vao avy niteny, dia hanao hoe, "Eny, HOY NY TOMPO HOE, ilay lehilahy izay eo afovoantsika dia avy amin'ny toerana *izao-sy-izao*," ary mamariparitra an'ilay toerana. Ary hilaza izy hoe, "Izy dia malemy satria, telo na efa-taona lasa izay," na mety ho inona ilay izy, mety ho inona ilay tranga, "nanao zavatra ratsy izy," ohatra, "nandao ny vadiny sy ireo zanany, ka nandositra niala tamin'izy ireo. Ary nianjera avy teo amin'ny fitaovam-piakarana iray izy," na zavatra mitovy amin'izany, "ary naratra, ka nampalemy azy izany. HOY NY TOMPO HOE, raha hibebaka ny amin'izany izy, ka hampanantena ny handeha hankany amin'ny vadiny ary hihavana aminy, amin'izay fotoana izay dia ho sitrana izy ankehitriny ary hiverina any amin'ny fianakaviany."

31 Ary avy eo alohan'ny hilazan'ny olona iray zavatra iray, dia tsy maintsy misy olona roa farafahakeliny, na mihoatra, ao amin'ny tranobe, izay mafy orina ara-panahy amin'ny Foto-pampianaran'ny Filazantsara, izay manana famantarana fanahy tsara iray, hitsangana ka hilaza hoe "Avy amin'ny Tompo izany."

32 Ary raha tsy miseho izany zavatra izany, amin'izay fotoana izay dia tsy tokony hotononina ao amin'ny fiangonana ireo fiteny tsy fantatra. Raha miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ilay olona, hoy i Paoly hoe, "Raha tsy misy mpandika teny," sy ny sisa, "dia aoka izy ireo hiteny any an-trano," na aiza na aiza mety misy azy ireo, "satria mitahy ny tenany fotsiny ihany izy ireo, fa tsy ho an'ny fampandrosoana ny Fiangonana ilay izy."

33 Avy eo io olona io, rehefa avy niteny, ary ny fandikana; ary avy eo mpitsara roa na telo, araka ny Foto-pampianaran'ny Baiboly an'i Masindahy Paoly, fa izany dia tsy maintsy "tsarain'ny mpitsara roa na telo."

34 Avy eo dia aoka ilay olona izay antsoin'Izany, handeha. Ary izany, angamba mety manendry olona iray izany, na pasitera na olona iray, handeha hametra-tànana eo amin'io olona io, sy

izay marary na ory, ary ho sitrana izy ireo. Avy eo dia aoka ny pasitera na ilay olon-kafa, na mety ho iza na iza izany izay voatendrin'ny Fanahy Masina handeha "hivavaka ny vavaky ny finoana," aoka izy ireo handeha ary hikarakara an'ilay olona arak'izay nolazain'ny Fanahy. Avy eo amin'izay fotoana izay, ilay olona eo ambonin'ny. . . Ary na inona na inona nolazain'ny Fanahy Masina, dia hiseho izany, eo no ho eo amin'izay fotoana izay, araka ny nanomezan'ny Fanahy Masina azy mihitsy.

35 Ary amin'izay fotoana izay ny olona dia afaka hifaly, sy hankasitraka, ary hidera sy hanompo an'Andriamanitra, satria tian'Andriamanitra ny hotompoina.

36 Avy eo izy ireo dia tsy maintsy—avy eo izy ireo dia tsy maintsy manondrika ny lohany ary mivavaka indray, mba hahita raha misy hafatra iray hafa izay tian'ny Fanahy Masina hasehon'ireo fanomezam-pahasoavana ireo, tany aloha.

37 Ary avy eo amin'ny fotoana rehetra raha hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona iray, ary handika, ary ireo—ireo mpitsara dia nandefa an'ilay olona haka, hanao an'izay rehetra voalaza mba hatao, ka raha tsy miseho izany, amin'izay fotoana izay dia handeha hankao amin'ny alitara ny vondron'izy ireo manontolo ary hivavaka amin'Andriamanitra eo mba hanaisotra an'io fanahy io hiala amin'izy ireo, satria tsy misy olona hila fanahy iray tahaka an'izany. Ho fantatsika fa sandoka izany, ary avy amin'ny fahavalo, fa tsy avy amin'Andriamanitra, satria Andriamanitra dia afaka miteny ny marina fotsiny ihany. Aoka ho azon'ny fiangonana mazava tsara izany, alohan'ny hanombohanareo an'ity, ity lamina vaovao ity.

38 Avy eo, angamba, angamba ho zavatra tahaka an'izao ilay izy, ilay hafatra dia hilaza amin'ny rahalahy anankiray, angamba hoe, milaza, hilaza hoe, "Nipetraka teo akaikin'ny lalamby," na zavatra, "mba hanao azy hifindra, satria hisy fahasimbana eo amin'ilay làlana," na zavatra, na inona mitovy amin'izany.

39 Ary aoka ireo mpitsara, rehefa avy nanome alàlana ny fiangonana hiteny izy ireo, na hampihatra an'io hafatra izay vao nivoaka io, raha ny fitsaran'izy ireo dia hoe, "Avy amin'Andriamanitra izany," amin'izay fotoana izay dia diniho ka jereo raha miseho ilay izy.

40 Ary raha miseho ilay izy, dia misaora an'Andriamanitra, ary aoka ho tena mankasitraka—mankasitraka Azy ao am-ponareo. Ary omeo Azy ny dera sy fanompoana, ary aoka hanetry tena. Ambonin'ny zavatra rehetra, aoka hanetry tena.

41 Aza manao ny tenanareo hieboebo mihitsy ho eo amin'ny toerana iray hoe mahafantatra betsaka mikasika an'izany mihoatra noho ny pasiteranareo ianareo na ny fiangonana izay ivavahanareo. Raha tonga eo amin'izany toerana izany ianareo, dia manoro hevitra anareo aho mba hitady toerana hafa iray hivavahana. Satria, mangataka amin'ny pasitera aho mba tsy

hamela zavatra iray mihitsy ivelan'ny lamin'ny Baiboly, ny fomba efa nahitantsika an'izany tato amin'ny fiangonana. Ary avy eo dia tiantsika hiasa ireo fanomezam-pahasoavana ireo, ary ao amin'ny toerany, ary ireo mpivavaka. Raha entina tsara izany, araka ny Teny, dia hahita fiangonana iray mahery, mahagaga ianareo miasa ho an'i Jesosy Kristy Tompontsika.

42 Ankehitriny, amin'izay fotoana izay ny zavatra manaraka hiseho, dia ny hoe raha ireo olona izay manana, izay mivoaka ny lamina mandritra ireo fotoana ireo, dia ny diakona iray na mpampiditra olona iray izay feno ny Fanahy Masina sy fahasoavana betsaka ao am-pony, no handeha hankeo amin'ilay olona, am-panajana, toy ny ray, ary hanitsy azy amin'izany fanao izany. Na, ny pasitera, na mety ho iza na iza ilay izy, fa ireo diakona no ilaina kokoa hanao an'izany; satria ny pasitera, amin'io fotoana io, raha mbola mandeha ireo fivoriana ara-panahy ireo, dia tokony ho ao amin'ny efitra fivavahana, na any ho any, mivavaka.

43 Ireo hafatra ireo, avy eo, raha tsy misy hafatra mandeha, tsy misy fanambarana, amin'izay fotoana izay dia hahazo tombontsoa ny olona, raha irian'izy ireo, ny hitsangana ka hanome fijoroana vavolombelona iray, fijoroana vavolombelona iray ho an'ny voninahitr'Andriamanitra irery ihany. Tsy voatery hanao an'izany izy ireo, fa ireo fijoroana vavolombelona dia tokony hatao alohan'ny hanombohan'ny hafatra na fotoan'ny hira, na zavatra, fijoroana vavolombelona amin'ireo fotoam-pivavahana ireo.

44 Azonareo ve, ry fiangonana, fa, amin'ny fanaovana an'izany, dia manana ny fiangonana manontolo ao amin'ny fanahin'ny fanompoana ianareo, alohan'ny hidiran'ny Teny mba hampianarina? Amin'izay fotoana izay dia miditra ao amin'ny Teny ny Fanahy Masina, ary maneho an'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny Teny, mba ho fanamarinana ny fanompoanareo.

45 Ankehitriny, avy eo aorian'izany, dia ny fotoana hanatonan'ny pasitera, raha mitohy ireo hafatra . . . Atao hoe, ny pasitera dia tokony hivoaka marina tokoa, atao hoe, amin'ny fito sy sasany, ary . . . na amin'ny valo latsaka fahefany. Ary raha mbola mitohy ireo hafatra ireo, alohan'ny hahatongavan'ny pasitera eo amin'ny . . . avy ao amin'ny biraony, na mety ho aiza izy, haka ny toerany eo amin'ny lampihazo, dia hampahafantatra azy ny rahalahy iray, satria fantatry ny olo-masina fa rehefa tonga eo amin'ny lampihazo ny pasitera, dia izany no fotoany ho an'ny asa amin'izay fotoana izay. Ary izany dia manome fotoana betsaka, ampy ho an'ny fanehoana rehetra an'ireo fanomezam-pahasoavana, mba hitondra ny Fanahin'Andriamanitra ao amin'ny—ny fiangonana.

46 Ary raha sendra misy tsi-mpino ao, manao korontana; dia olona tsara fo iray no handeha hankeo amin'izy ireo, toy ny

mpampiditra olona iray na diakona iray, ary hiteny amin'izy ireo fa izy ireo dia ho—izy ireo dia ho. . .angatahina mba hanohy hanaja, na hanaja raha mbola ao amin'ny lamina ny fivoriana. Satria, ao anatin'ny tranobe ny Fanahy, ary tonga voaseho ireo fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra ho an'ny fampandrosoana ny Fiangonana. Ary tsy maintsy tenenina amin'ny fitiavana io olona io, fa tsy am-pihenjanana. Raha tsy hoe tonga eo amin'ny toerana iray izay nisotroan'izy ireo ilay izy, na tsy mankatò ny sasany, na zavatra hafa hanelingelina ny fanompoana ny—ny Tompo, nefa ireo fanomezam-pahasoavana dia, amin'izay fotoana izay, dia eo am-pisehoana; amin'izay fotoana izay ilay olona dia tokony, afaka, na tokony ho entina eny amin'ny ilany iray, mankany amin'ny iray amin'ireo efitra aoriana, na any ho any, ary iresahana, ary karakaraina, amim-pahatsaram-panahy.

47 Ankehitriny, raha tonga eo amin'ny lampihazo ny pasitera. . .Rehefa tonga eo amin'ny lampihazo ny pasitera, hanoro hevitra aho, tahaka ny Branham Tabernacle eto, hoe ny pasitera no mitarika ny fiangonana farafahakeliny ao amin'ny hira tsara iray na roa. Satria efa hitantsika tahaka an'izany ilay izy, hoe rehefa be loatra ny miezaka miasa ny. . .ao am-piangonana, dia mitondra korontana fotsiny izany. Hanoro hevitra aho, tahaka ny nataoko fony aho nitandrina tao am-piangonana; izaho no nitarika ny hira, ny tenako. Ary tsapako fa ho zavatra tsara iray raha nanao tahaka an'izany ny pasitera, ny tenany.

48 Ary ao amin'ireo fivoriam-bavaka rehetra, izay ivorian'izy ireo miaraka, vondrona fivoriam-bavaka, dia tsy maintsy eo amin'ny tsirairay ny pasitera. Tsy tokony havela ho an'ny isam-batan'olona mihitsy ny handeha hitarika fivoriana tahaka an'izany. Satria efa hitantsika tahaka an'izany ilay izy, hoe niala tamin'ny làlana izy ireo, teo amin'ny foto-pampianarana, ary avy eo izy ireo dia nahatonga, mamerina an'izany avy hatrany ao am-piangonana, ary, imbetsaka, mitondra fitokoana, sy ny sisa, izay tsy an'ny Fiangonan'Andriamanitra velona. Ary ny pasitera dia tokony ho ao amin'ny fivoriam-bavaka rehetra, sy ny sisa, izay misy ny fiango-. . .misy fivoriana.

49 Ary ny pasitera dia tsy tokony haka andaniny mihitsy ao amin'ny fivoriana, amin'ny filazana fa misy vondrona iray tahaka an'*ity* ary iray tahaka an'*itsy*. Ny pasitera dia tokony hijoro eo anelanelan'izy roa, ary mandeha mankany amin'izy ireo, ka manao azy ireo hihavana, avy hatrany. Ary raha tsy afaka manao azy ireo hihavana izy, dia aoka izy hitondra diakona iray miaraka aminy. Ary avy eo izy ireo raha—tsy hihaino na ny pasitera na ny diakona izy ireo, amin'izay fotoana izay dia tokony hotenenina amin'ny fiangonana ilay izy, ary, araka ny nolazain'i Jesosy hoe, "Aoka izy ireo ho tahaka ny mpanompo sampy sy mpamory hetra aminareo." "Ary na inona

na inona fehezinareo eto an-tany," hoy Jesosy, "dia Hofeheziko any An-danitra, ary izay vahanareo ety an-tany, dia Hovahako any An-danitra."

50 Ankehitriny, rehefa tonga eo amin'ny lampihazo ny pasitera, dia aoka ny pasitera amin'izay fotoana izay hitarika, fara—farafahakeliny, hira iray na roa, ary mandeha avy hatrany eo amin'ny Teny.

51 Tsy misy fotoana ho an'ireo fivorian'ny fijoroana vavolombelona lava ireo, ary mitsangana ny olona rehetra, ary manana teny iray holazaina. Tsy mahomby izany ato amin'ny Branham Tabernacle.

52 Raha misy olona mihaino an'ity horonam-peo ity, ary, ianareo, dia nahomby izany tao amin'ny fiangonanareo, eny, mety tsara tanteraka izany. Ary tena faly izahay ny amin'izany, saingy mandroso izany ao amin'ny fiangonanareo.

53 Fa ato amin'ny anay eto, dia tsy mandroso izany, miteraka fisavorovoroana fotsiny izany. Efa nitandrina teto nandritry ny roapolo taona mahery aho, ary hitako fa miteraka fisavorovoroana fotsiny izany. Raha manana fijoroana vavolombelona iray ianareo, dia omeo izany alohan'ny. . . eo amin'ny fiangonan'ny olona, raha mbola mitahy ny Fanahy, sy ny sisa.

54 Na, ny tena fomba fijoroana vavolombelona, dia tsy ao anatin'ny fiangonana, any amin'ny toerana maizina izany. Aoka ny Hazavanareo hamiratra ao amin'ny maizina. Mandehana mankeny amin'ny toeram-bahoaka sy toerana samihafa, ary izay ivangongoan'ny fahotana sy ny sisa, amin'izay fotoana izay dia aoka hamiratra ny Hazavanareo. Any no toerana hanaovana an'izany.

55 Fa, na izany aza, raha nitahy anareo ny Tompo ka nanome anareo fitahiana lehibe manokana, na zavatra tsy maintsy teneninareo amin'ny olona, dia ataovy amin'ny fotoan'ny fivoriana hafa izany, ilay alohan'ny fivoriana, ilay savaranonando, na rehefa mitahy sy manome fijoroana vavolombelona sy fanambarana ny Fanahy, sy ny fiteny tsy fantatra sy ny fandikana, sy ny sisa, ao amin'ny fanompoana, an'ireo olo-masina, alohan'ny itondrana ny Tenin'Andriamanitra.

56 Amin'izay fotoana izay ny pasitera, rehefa avy nitarika an'io hira fiderana io, dia hitarika ny fiangonana avy hatrany ao amin'ny vavaka, ary vavaky ny fiangonana, ny tenany, raha mitsangana eo amin'ny lampihazo izy, mangataka ny sisa amin'izy ireo hanondrika ny lohany ao amin'ny vavaka.

57 Hitantsika fa izany no fitahiana lehibe kokoa, ary fifehezana iray bebe kokoa miasa ao amin'ny fiangonana.

58 Ary avy eo, ny zavatra manaraka tokony hataon'ny pasitera avy eo, aorian'izay. Raha nanana tena fivoriana ara-panahy iray izy ireo, miaraka amin'ny fanomezam-pahasoavana mampiseho tsiambaratelo maro an'ny fon'ny olona, ary ireo zavatra izay tokony ho vita amin'ny alàlan'ireo fanomezam-pahasoavana ao amin'ny fivoriana; amin'izay fotoana izay dia ao anatin'ny fivoriana ny Fanahin'Andriamanitra, ary tena mora ho an'ny pasitera avy eo ny mahita ny Fanahin'Andriamanitra (izay efa ao amin'ny fivoriana) eo amin'ny Tenin'Andriamanitra, rehefa mamaky sy manomboka mitory teny izy. Avy eo ilay pasitera dia mitory an'izay rehetra hapetraky ny Fanahy Masina ao am-pony, na inona na inona tiany hatao, mitsangana eo.

59 Fa ny fiangonana dia tokony fotsiny. . . Afaka mifaly izy ireo, rehefa mitory teny izy, mazava ho azy, na manao "amena" rehefa mivoaka ny Teny. Fa, raha ny amin'ny hoe mitsangana sy manome hafatra amin'ny fiteny tsy fantatra sy fandikana, raha mbola ny—miasa amin'ny alàlan'ny pasitera ny Fanahy Masina, dia manameloka an'izany ny Soratra, ary nanao hoe, "Ny fanahin'ny mpaminany dia manaiky ny mpaminany."

60 Ny pasitera dia tsy maintsy miantso an'io isam-batan'olona io hipetraka, ary hangataka azy ireo mba hanaja sy hihazona ny toerany. Ny pasitera dia tsy maintsy ho lehilahy iray izay manana fomba iray tena manetry tena mikasika azy, saingy tsy manetry tena loatra fa afaka ho tahaka an'i Jesosy Kristy Tompo izy rehefa nahita ny ratsy niseho tao am-piangonana Izy, nandrandrana tady Izy ary nandroaka azy ireo hivoaka amin'ny fiangonana. Ary ankehitriny ny Fiangonan'Andriamanitra no tranon'ny fitsarana, ary ny pasitera no laharana ambony indrindra ao amin'ny Fiangonana. Ny loholona no zavatra ambony indrindra ao amin'ny Fiangonana apostolika, ankoatry ny Fanahy Masina. Ny Fanahy Masina no mitondra Ny Hafany mivantana mankany amin'ny loholona, ary ny loholona no manome an'Izany ho an'ny olona.

61 Ireo olo-masina sy ireo fanomezam-pahasoavany dia hanana ny toerany, voalohany, hivavaka sy ho tonga miaraka, izay mitondra (araka ny efa nolazaiko teo aloha) ny Fanahin'ny Tompo, ao amin'ny tranobe, ho an'ny pasitera. Ary izany no manao an'ilay izy ho mora kokoa hiasan'ny Fanahy Masina amin'ny alàlany amin'izay fotoana izay, rehefa misy fivoriana ara-panahy tsara iray izay nialoha ny fampianarany; ary amin'izay fotoana izay dia miditra ao amin'ny Teny ny Fanahy Masina ary mampianatra ny Teny; vao avy nasehon'ireo fanomezam-pahasoavana.

62 Ary avy eo dia atao ny antso eny amin'ny alitara avy eo, aorian'izany, ary maro no hahita sy hahafantatra, araka ny asan'ny Fanahy Masina, sy ny Tenin'Andriamanitra, izay ametrahan'ny pasitera an'Izany, hoe ianareo no Fiangonan'Andriamanitra velona. Ary araka ny nolazain'i

Paoly, fahiny hoe, “Hiankohoka izy ka hanao hoe, ‘Marina tokoa, fa momba anareo Andriamanitra.’”

Ankehitriny, amin’ireo zavatra ireo, dia aoka hatao amin’ny fanajana izany.

63 Ary ankehitriny ho an’ny pasitera (ho an’ny Rahalahintsika Neville, amin’izao fotoana izao), tsarovy, izy no lohan’ny fiangonana tanteraka. Rahalahy Neville dia manana zò hampiasa ny fahefana rehetra izay tian’ny Fanahy Masina, ny zavatra rehetra izay hotenenin’ny Fanahy Masina aminy ho lazaina, amin’ny teny hafa. Ao amin’ny fiangonana, dia manana zò amin’ny zavatra rehetra izay hitarihan’Andriamanitra azy mba hatao izy. Manana zò eo amin’ny komitin’ny diakony koa izy. Afaka manova ny komitin’ny diakona izy, ny mpitantan-draharaha, na—na ny mpitendry piano, na ny asa hafa rehetra ao amin’ny fiangonana izay tiany hovaina, mahatsapa ho voatariky ny Fanahy Masina hanao an’izany. Ary na inona na inona ataony, dia hanaiky an’izany aho, satria izy (mino aho) dia lehilahy masina iray. Hanaiky an’izany ho avy amin’ny Tompo aho, ary hanamarina an’ilay zavatra iray ihany, koa izany dia manome azy ny fahefana amin’izay fotoana izay mba hitondrana ny fiangonana amin’ny fomba izay tsapany fa voatarika hanao an’izany izy. Ankehitriny, na, ny asa rehetra ao amin’ny fiangonana, raha tiany ny—ny—ny hanova toerana, miaraka amin’ny olona, satria manana fahefana hanao an’izany izy. Satria, matoky aho fa ho am-pitiavana foana izany ary tsy voatery hampiasaina mihitsy.

64 Ankehitriny, enga anie ny Tompo hitahy anareo rehetra. Ary matoky aho fa hotanterahina araka ny tena tsara indrindra amin’ny fahalalanareo izany. Ary enga anie ny Fanahy Masina hiambina ny tsirairay avy aminareo.

65 Ary enga anie ny mpiasan’ny fiangonana tsirairay hahatanteraka ny toeran’andraikiny, eo am-pahafantarana an’izao, hoe Andriamanitra dia hihazona anareo ho tompon’andraikitra amin’ny fomba izay nihazonanareo ny asanareo tao am-piangonana. Tsy maintsy hanao tatitra iray ny tsirairay avy.

66 Ary ho an’ny laïka, sy ireo olo-masina malala manana fanomezam-pahasoavana izay ato amin’ny fiangonantsika, ireo izay—izay maminany, na miteny amin’ny fiteny tsy fantatra, na mandika, na manana fanambarana, dia faly mihitsy izahay manana anareo ato am-piangonana. Ary hanome anareo fiaraha-miasa feno izahay amin’ny zavatra rehetra izay hoporofoin’ny Fanahy Masina fa Izy no nilaza taminareo. Ary tianay ianareo. Ary mino izahay fa ao anatinareo ireo fanomezam-pahasoavana ireo, ary raha manana ny fanararaotra tsara ianareo, ary fanehoana ara-tSoratra an’izany, dia hanao

asa lehibe eo afovoanay ianareo. Ary enga anie ny Tompo hitahy anareo rehetra, izany no fivavako tso-po.

67 Ry Kristiana, raha mihaino an'ity horonam-peo ity, dia manana zavatra iray aho izay hitako fa navelako, ary izany dia ity: hoe, raha mbola miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona, izany dia tsy maintsy ampifanarakarahina ho "roa na telo," araka ny Soratra. Izany hoe, hafatra roa na telo ihany no tokony homena isaky ny fivoriana tsirairay. Aorian'izany araka ny Soratra, hoe, "Ireo no mifanarakaraka; tokony ho roa ihany, na telo izany." Noho izany dia enga anie ianareo hanatanteraka an'ireo zavatra ireo, arak'izany, araka ny itarihan'ny Fanahy Masina azy ao amin'Ny Baiboliny. Ary ity dia, ny tsara indrindra amin'ny fahalalako, ny fomba hanaovana azy. Hoy i Paoly hoe, "Aoka ampifanarakarahina izy ireo, roa na telo, rehefa miteny." Ny Tompo hitahy anareo.

58-1007 Lamin'Ny Fiangonana
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings

P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.

www.branham.org